7 febroary 2009 3

Tsy avy ao amin'ny lapan'Ambohitsorohitra ireo nitifitra

Joseph Yoland 3

"Madagascar le Changement", manala ny firenena amin'ny fahantrana


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 8 febroary 2022 Laharana 1259 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Takaitra navelan'i Batsirai 6

20 namoy ny ainy, traboina 55.421, nafindra toerana 69.102

Filoha Ravalomanana sy ny RMDM 2

## Miara-ory sy mankahery an'ireo traboina



Noho ny nataon-dRajoelina sy ny forongony 2

## Efa 13 taona izao no nahatraboina ny vahoaka Malagasy



Miverina ny kidnapping 2

## Zazalahikely 3 taona nisy naka an-keriny teny Ambodivoninkely



Raim-pianakaviana nalofan'angatra isak'alina 6

## Tratry ny manaramody ka nitondra faisana



Fifamoivoizana 7

Maro ireo lalana tapaka sy simba noho ny rivodoza Batsirai

Pr Andrianasolo Rivoarison 6

Vonona hanatsara sy hanarina ny Oniversiten'Antananarivo

Daka kely

I Malokila koa kay no tena mpanao afera maizina ao amin'ny ekipan'ialahy ry Boaikely a !

FILOHA RAVALOMANANA SY NY RMDM

# Miara-ory sy mankahery an'ireo traboina

Manoloana ny voina mihàtra amin'ny firenena amin'izao fotoana izao, vokatry ny andro ratsy Ana, sy ny rivodoza Batsirai, misy ny fanambarana avy amin'ny filoha Marc Ravalomanana sy ny RMDM, Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara:"nandalo fotoan-tsarotra tokoa ny firenena vokatry ny fandalovan'ny rivodoza roa nifanesy dia Ana sy Batsirai. Nisy ireo havantsika izay namoy ny ainy vokatr'ireo rivodoza ireo. Amin'ny anaran'ny tenako manokana, sy ireo mpikambana rehetra ato amin'ny RMDM dia miara-ory aminareo fianakaviana sy mitondra ambavaka anareo rehetra hatrany izahay. Miarahaba ihany koa ny Malagasy tsy maty fo aman'aina, satria tena mahery tokoa raha iny rivodoza Batsirai iny. Maro ny faritra no nitondra faisana vokatr'izany ary betsaka ny zavatra simba, na ireo fananana iombonana izany na ihany koa ireo fananan'ny fianakaviana tsirairay toy ny trano, ny entana tao an-tokantrano, ny fambolena sy fiompiana, sns… Mankahery hatrany ny vahoaka Malagasy aho mba tsy ho kivy ary tsy hitanondrika fa hitraka sy hiatrika kosa, ireo fanarenana ny simba. Manao antso avo ihany koa amin'ny fifanomezan-tànana eo amin'ny tsirairay any amin'izay toerana misy anareo tsirairay any. Homba antsika mandrakariva Andriamanitra ». Voin-kava-mahatratra, araka ny fantatra, hitondra fanampiana, izay voatsirambin'ny tanana ho an'ireo traboina nolalovan'ny rivodoza amin'ireo faritra samihafa eto amin'ny Nosy koa ny RMDM, tsy ho ela.



*Ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny RMDM.*

**Nangonin'Isambilo**

Fanampiana ireo vehivavy TIM traboina

# Mangarahara ny fitantanan'ny Vehivavy TIM Analamanga

Nanampy ireo vehivavy TIM traboina noho ny andro ratsy farany teo, ny Vehivavy TIM Analamanga. Mangarahara ny nitantanana ny fanampiana avy amin'ireo malala-tanana, avy eto an-toerana, sy avy any ivelany, hoy ny filohan'ny Vehivavy TIM Analamanga, Rahelisoa Arphine. Toy izany ny fanambarana nataony, mahakasika izay fanampiana ny traboina izay : "indro omena antsika ny tatitra mikasika ny fanampiana ireo Vehivavy TIM traboina, izay notontosaintsika farany teo. Vola voaangona=1 357 000 Ar na 6 785 000 fmg.



Vola nivoaka:
-nividianana vary (816kg x2340 Ar=1 909 440 Ar na 9 547 200 fmg,
-saran-dalàna: 50 000 Ar na 250 000fmg,
-mpanao gazety MBS:20 000 Ar na 100 000fmg,
-securité : 20 000 Ar na 100 000fmg,
Fitambaran'ny fandaniana:1 999 440 Ar na 9 997 200 fmg.
Mba hahafeno an'io dia navoaka tao amin'ny caisse ny 642 440 Ar na 3 212 200fmg.
Ny vola ao amin'ny caisse ny Vehivavy TIM Analamanga arak'izany:
1 440 000 Ar na 7 200 000fmg - 642 400 Ar na 3 212 200fmg =
797 649 Ar na 3 988 200 Ar , izay noboriborina ho 800 000 Ar na
4 000 000 fmg. Dia izay sy izay ny tatitra, misaotra an'Andriamanitra lehibe isika afaka nanatontosa, izay mba kely vita. Misy foana ny asa miandry antsika koa dia manentana sy mampahery antsika hatrany. Homba antsika ny Tompo ».

**Helisoa**

Kaominina Ivato

# Nandray traboina ny Tranompokonolon'ny kaominina

Anisan'ny tanàna natahorana isian'ny fiantraikan' ny rivodoza sy ny orambe ny kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo. Noho izay antony izay, natokan'ny kaominina andraisana ireo mety ho traboina ny Tranompokonolon'ny kaominina, izay an'ity kaominina ity. Araka ny nambaran'ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa:"misokatra ny Tranompokonolona Mandrosoa, Ankadindravola ary Ivato ho an'ireo manana trano atahorana hirodana na tandindonin-doza mety ho safo-drano mandritra ny fandalovan' ilay rivodoza Batsirai. Mila mifandray amin'ny lehiben'ny fokontany sy ireo tompon'andraikitra amin'ny tranga miseho eny amin' ny fiarahamonina », hoy ny fanambarany. Vao lasa ny rivodoza dia niverina tany an-tokantranony koa ireo traboina noraisin'ny kaominina tamin' ireo toerana ireo.


**Niaina**



*Ny Tranompokonolona Mandrosoa Ivato, nandraisana traboina tany an-toerana.*

Miverina ny kidnapping

# Zazalahikely 3 taona nisy naka an-keriny teny Ambodivoninkely



*Ilay zazalahikely nisy naka an-keriny.*

Miverina indray ny kidnapping amin'izao fotoana eto an-drenivohitra. Zazalahy kely 3 taona nisy naka an-keriny omaly teny Ambodivonkely Ambohimanarina. Jiolahy efa-dahy (04) mirongo basy no naka an-keriny zazalahy kely 3 taona teny Ambodivoninkely Ambohimanarina, teo anoloan'ny Securex omaly tamin'ny 01 ora tolakandro. Zanaka karana mpandraharaha ity nalain'ny olon-dratsy ity. Nitondra moto scooter ireto farany ary nirifatra nandositra nitondra ilay zaza avy eo. Andrasana ny tohin'ny vaovao mahakasika ity raharaha fakana an-keriny tetsy Ambodivoninkely Ambohimanarina omaly ity. Ireo manam-baovao momba ity raharaha ity dia afaka miantso ny 0349000575 na 03331 12121. Hisy valisoa izay manome fanampim-baovao hanavotana io zazalahikely io.

**Niaina**

## *Ny Valosoa sy fakafaka*


## Noho ny nataon-dRajoelina sy ny forongony

# Efa 13 taona izao no nahatraboina ny vahoaka Malagasy

Teny roa no natambatra dia ny tratra sy voina, arapitsipika dia milatsaka ny tra , ny v miova ho b aorian'ny tsipi-panohizana dia lasa hoe tra-boina , izay mpamaritoetra, kanefa dia ekena ho anarana iombonana ihany koa. Matetika dia tsy ampiasaina intsony ilay tsipi-panohizana, sady tsy mampiova ny hevitr'ilay teny na misy na tsia, ny zava-dehibe dia mahazo ny dikany avokoa ny rehetra ary samy mahay mampiasa ilay teny daholo.
Tsy ny loza voajanahary ihany no mahatraboina ny olona, fa mety vokatry ny herisetran'ny mpiarabelona ihany koa.
Tsy mbola maty ao an-tsain'ny malagasy ny zavanitranga 13 taona lasa izay, dia ny fandorana tanàna, vako-pirenena toy ny Rnm sy Tvm, no nodoran'ireo tsy mataho-tody ny 26 Janoary 2009, niampy fananan'olon-tsotra , ka izay tsy may dia voaroba, andro vitsivitsy indray ny 07 Febroary 2009 dia nentina niaka-dapa, faritra mena ireo vahoaka voafitaka , dia nisy ireo matin'ny bala teny Ambohitsorohitra.
Traboina no iantsoana ireo rava fananana, satria maro ireo tompon'ny tranombarotra may sy voaroba, no tsy nahatsangana ny tsenany, sady tsy nahaverina ny volan'ny banky nindramina, ary tsy norahirahian'ireo mpitondra nifandimby ny fanonerana ny rava, ireo maty sy naratra vokatry ny fananihan-dapa dia tena traboina ara-bakiteny , ary ireo nahavanon-doza dia vao mainka aza nahazo fahefana.
Nahazo fahefana tokoa Rajoelina ny 17 martsa 2009 , mpitondra tsy voafidy ara-dalàna, no nampiasa fitaovam-piadiana nakana fahefana, ny dikan'izany dia traboina ihany koa no ilazana ireo miaramila sy zandary ary polisy nanaiky ho fitaovana, sady ny tena zava-doza hatramin'izao dia miova mihitsy ny hevitry ny hoe '' ho an'ny tanindrazana '', satria toa ireo mpitondra nandroba fahefana no lasa tanindrazana tompoin'ireo mpanao fanamiana sasany, soa fa tsy izy rehetra.
Napetraka tamin'ny toerany i Rajoelina ny 21 martsa 2009, ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC), no nametraka azy ho filoha, nanomboka teo dia nahazo vahana ny fanosihosena ny lalàna ary lasa gaboraraka tanteraka ny fitsarana , mazava izany fa dia tra-boina ihany koa ny fitsarana malagasy satria resy lava ny fahamarinana, dia mbola niseho izany tamin'ireo fifidianana nifanesy teto amintsika.
Ny mahavantana ny sain'ny rehetra rehefa traboina no resahina dia vokatry ny loza voajanahary toy ny rivodoza, tondra-drano , haintany, haintrano, ireo voalaza ireo anefa dia vokatry ny tandrevaka nataon'ireo nitondra nanomboka tamin'ny taona 2009 ka hatramin'izao, anisan'izany ny fanotorana tany tsy ampiheverana, ny fandripahana ny ala , ny fanaovana tantely afa-drakotra ny harempirenena ary ny goavana indrindra dia ny familiviliana ireo fanampiana tokony ho sitrahan'ireo vahoaka tra-pahavoazana .
Nanomboka tamin'ny taona 2009 no nisedra olana hatrany isika malagasy, 13 taona izany no naha-traboiana antsika , ny zava-drehetra dia manampetra , raha nitohy hono ny hazo dia tonga tany an-danitra ny voalavo, tokony tsy hihoatra ny 13 taona izay tarehimarika ankafiziny intsony ireo mpamotika firenena, satria efa tsenain'ny 2022, izay midika hoe '' ganagana mody''.

**Ny Valosoa**

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Der'Aina R.

## Ny Valosoa sy hadihady

### 7 febroary 2009

# Tsy avy ao amin'ny lapan'Ambohitsorohitra ireo nitifitra

Efa nentina teto amin'ny gazetintsika ny momba ny 26 Janoary 2009 nisian'ny fandrobana sy fandorana tanàna nataon'ireo mpiaradia amin'Ingahy Filoha amin'izao fotoana izao Andry Rajoelina. Fa tsy nionona tamin'ny fandravana ny vakopirenena sy ny fananan'olontsotra ry zareo, fa mbola zavadoza kokoa noho io voalaza io no niseho tamin'ny 07 Febroary 2009 .

Andry Rajoelina izay efa nitonontena ho filoha faratampony teto amin'ny firenena dia nanambara, fa tsy maintsy tendrena ny Praiminisitra an-dalambe, sy ireo minisitra izay terena hiditra any amin'ireo minisitera samihafa .

Ny Sabotsy 07 Febroary 2009 no nambara fa ho tonga eto Antananarivo ilay mpanankato nanao sesitany ny tenany tany ivelany, hanatrika ny hetsika nolazaina fa goavana tetsy amin'ny Kianjan'ny 13 Mey, tsy tonga ilay mpanankanto , fa tamin'io Sabotsy 07 Febroary 2009 io no notendren'Ingahy Rajoelina ho Praiminisitra Ingahy Monja Rondefo Zafitsimivalo, ary dia notsofiny rano haka ny Lapan'Ambohitsorohitra.

Niainga teny amin'ny Kianjan'ny 13 Mey ireo forongon'olona notarihan'Ingahy Monja Rondefo, nandalo teo amin'ny Hotel Glacier, Bni , Ambohijatovo, niakatra an'Antaninarenina , nihazo an'i Pergola, ary niafara teo anoloan'ny Lapa. Nirefotra ny basy, anisan'ny maty voatifitra ny mpaka sarin'ny Rta Ando Ratovonirina, tsy izy irery fa maro ireo faty niampantrampatra teo Antaninarenina.

Novoizina mafy tamin'izany, fa ny Filoha Ravalomanana no tompon'andraikitra tamin'ny fandripahan'olona, Ingahy Rajoelina dia anisan'ireo namendrofendro vahoaka tamin'izany.

Tsy takona afenina anefa ny marina satria nivoaka ho azy ny vaovao nilaza fa nisy ny fihaonana tao amin'ny Villa Elizabeth tetsy Ivandry, ny tanjon'izany fihaonana izany dia ny fikotrehana rà mandriaka entina handotoana ny Filoha Ravalomanana, ary ny Zoma 06 Febroary 2009 hariva dia nisy ny fivoriana teny Ambatobe trano fonenan' Ingahy Filoha Rajoelina amin'izao fotoana izao, nanatrika izany fivoriana izany , Monja Rondefo, Cyrille Rasambozafy, Alain Ramaroson, Ny Hasina Andriamanjato, Ramakavelo Desiré, sns… ny votoatin'ny fihaonana dia ny hanapoaka ny famonoan'olona, izay efa voalaza fa natao hanasoketana ny Filoha Ravalomanana .

Maro ireo mpiaradia tamin'Ingahy Rajoelina no nanitrikitrika fa tsy avy ao amin'ny Lapan'Ambohitsorohitra no niainga ny tifitra, anisan'izany ny Kolonely Charles Andrianasoavina, izay nanamafy fa tao amin'ny Biraon'ny Tresor sy Hotel Louvre ary Minisiteran'ny Fitantanambola ireo mpitifitra, ny fanadihadiana nataon'ireo mpitandro filaminana mahay momba ny '' trajectoire balistique'' dia nampiseho koa fa tsy avy ao Ambohitsorohitra ny tifitra, ireo voatifitra indray rehefa natao ny fizahana dia balan'ireo basy marovava jiosy izay navoakan'Ingahy Rakotomihantarizaka Organès tao amin'ny Polisy no nahavoa azy ireo , kanefa ny basy fampiasan'ny tao andapa dia tsy nisy afa tsy Kalachnikov, ary ireo naratra rehetra rehefa nanontaniana dia samy nanambara fa nianjera tany aloha avokoa nanatrika ny lapa, satria voatifitra avy aty aoriana . Ny dikan'izany rehetra izany dia tsy misy idiran'ny Filoha Ravalomanana sy ry Jeneraly Raoelina tompon'andraikitra tao andapa ny fatiolona, fa dia mazava be fa ireo nampandroba tamin'ny 26 Janoary 2009 ihany no nikotrika ny famonoan'olona ny 07 Febroary 2009.

Efa nisy ny fitsarana petatoko niampangana ny Filoha Ravalomanana fony izy mbola tany Afrika Atsimo, ankehitriny efa tonga eto i Dada kanefa dia tsy sahy miresaka ny fitsarana ny raharaha 07 Febroary 2009 ry Rajoelina mianakavy.

Tsy tokony hisy olona matimaty foana na mpamono olona ho afamaina eto raha mbola sokajiana ho tany tan-dalàna ihany ny firenentsika, kanefa dia iarahamahita fa manjaka ny tsy maty manota eto amintsika , fa ny tena loza dia maro ireo maty tsy nanota nanomboka ny taona 2009. Mikasika ilay mpanao gazetin'ny Rta maty voatifitra teny Ambohitsorohitra dia tsy nitory hatramin'izao Ingahy Edgard Razafindravaha mpampiasa azy, fa dia matimaty foana ilay tovolahy nanao ny asany amin-kitsimpo, ary eto ampamarana dia mila mailo ihany ny rehetra rehefa Ingahy Rajoelina no mitsodrano, satria teny Andavamamba ny 26 Janoary 2009 dia notsofiny rano ireo izay nandeha handoro ny Mbs ary ny 07 Febroary 2009 dia notsofiny rano ihany koa i Monja Rondefo haka ny Lapan'Ambohitsorohitra, dia niaraha-nahita ny zava-nitranga. Am-bava homana am-po mierotra hoy ny fitenenana Malagasy izay.

*Ny Valosoa*

---

**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

## Misy andian'olona miketrika hivarotra ny orinasa Jirama

**Tintin Ravonison :**... manaitra, miantso ny Vahoaka nivantana teo @ ny vaovao Télé, HIRAY HINA, ny Ministre Andry Ramaroson, HANOHITRA ny mety HIVAROTANA ny Jirama. Dia inona ny aty vilany tokony ho hitako izaho samy irery an'izany azafady ry jamban'ny politique'ny alahelon-tseza isany ô?

**Hortense Rabemila:** iza moa no afaka hivarotra ny Jirama eo, fa tsy olona ao amin'ny fitondrana ihany. Jah Rakotondratsimba : Prix ?

**Onilalaina Lys Andriamanantena** : Jah Rakotondratsimba : prix dia mbola hampiana hoe lieu sy SVP, rehefa manontany vidin- javatra ato @ FB.

**Tojo Andrianirina : Jah Rakotondratsimba :** misy sarany kely, hihiiiii!

**Nirina Lalao Claude:** fa tokony ho iza indray anefa no hivarotra azy eo, tsy ny mpitondra ao an-tampony ao ihany ve?

**Aina Nmg:** za koa letsy mba gaga amin'ilay fanontaniana hoe ry Tintin Ravonison ankehitriny, no tsy mahalala ny ati-vilany, iza ao anatiny ao !

**Tintin Ravonison : Aina Nmg :**... manaitra, miantso ny Vahoaka nivantana teo @ny vaovao Télé, HIRAY HINA, ny Ministre Andry Ramaroson, HANOHITRA ny mety HIVAROTANA ny Jirama. Dia inona ny aty vilany tokony ho hitako izaho samy irery an'izany ?

**Aina Nmg : Tintin Ravonison :** ny tompon-tseza ary izao hiala amin'ny sezany koa izahay ety ivelany indray ve no hiditra ao ? sady ianareo ohatrany efa zanaka an-trano be koa, izahay ve moa nahalala !

**José Befa Ramambazafy :** sao dia misy hifandraisany amin'ny 73 kg ?

**Vaovao Malagasy :** nga tsy efa lafo?

**Nirina Brice Razafindrainibe :** angaha tsy efa an'ny vazaha sy karana e?

**Jérôme Rabetokotany :** tsy hisy afaka hivarotra ny Jirama izany, raha tsy ny mpitondra ao an-tampony ao ihany, aza manadala saim-bahoaka !

---

Joseph Yoland

# Madagascar le Changement, manala ny firenena amin'ny fahantrana

Tsy ho tanteraka mihitsy ny fampandrosoana ny firenena, raha ny rafitra sy lalàna ary ny politika itondrana azy izao, no mbola ho tohizana ary tsy hisy fivoarana azo tsapain-tanana velively eto Madagasikara, n'iza n'iza olona mitondra ny firenena, hoy Andriamatoa Joseph Yoland senatera teo aloha, sy « Conseil Superieur de la Transiton » teo aloha. Nanohy fanazavana ity mpanao politika avy any amin'ny Distrikan'i Nosy-Be Hell-ville, faritra Diana ity, fa ny fanavaozana ny lalàna mifehy an'ireo sehatr'asa rehetra amin'ny alalan'ny tolo-dalàna « Madagascar le Changement », no hahafahana manala an'ity firenena ity ao anatin'ny fahantrana lalina. Nanamafy izy, fa voarakitra ao anatin'ny « Madagascar le Changement », fa tokony hovaina ny lalàna mifehy ny volamena ary tokony hapetraka ao amin' ny « Banque centrale » ireo volamena mivoaka eto an-toerana, mba ho antoka ho an'ny sandam-bola Ariary. Nilaza ity « Cst » teo aloha ity, fa ny zava-misy anefa dia ireo mpitondra mifandimby ihany no manondrana sy mivarotra ny volamena any amin'ireo firenena ivelany, kanefa antoka iray hampatanjaka ny sandambola ny fifehezan'ny fitondrampanjakana ireto ny volamena. Ankoatra izany, nanambara ity mpanao politika avy any Nosy-Be Hell-Ville ity, fa mampikororosy fahana ny toekarena ny tsy fahaiza-mitantana ataon'ny mpitondra sy ny fanarahana ny baikon'ny firenena vahiny ary « Formule » izay tian'ny mpanjanaka avokoa, no ampiharin'ny mpitondra eto Madagasikara, hany ka miantehitra amin'ny fanampiana avy amin'ny firenena matanjaka avokoa ireo sehatr'asa goavana rehetra. Nanamafy Andriamatoa Joseph Yoland, fa ny fampiharana ny « Madagascar le Changement » dia fanovana ny rafi-pitondrana avy eny ifotony, mba ho tombotsoam-pirenena, no sady ankasitrahan'ny rehetra. Nilaza ity mpanao politika ity, fa ao anatin'ny firenena 7 manana otrikarena indrindra eto an-tany i Madagasikara, anisan'izany ny fananana volamena, kanefa sahirana avokoa ny sokajin'olona rehetra ao aminy, no sady tratran'ny kere avokoa ny ankabezan'ny olona, vokatry ny tsy fitiavan-tanindrazana ataon'ny mpitondra firenena. Namarana ny fanehoan-keviny izy, fa tokony hovaina ihany koa ny Lalam-panorenana izay manome vahana an'ireo olona manana « Nationalité » vahiny, satria tsy maintsy hiaro ny tombotsoan'ny fireneny ireto farany rehefa mandray fahefana. Raha tsiahivina dia nanomboka ny 2010 ka hatramin'ny 2012, no namolavolana ny boky « Madagascar le Changement » niaraka tamin'ireo mpampianatra eny anivon'ireo Oniversite miisa 6 manerana ny Nosy ary « Cst » miisa 135 amin'ireo 150, no nankasitraka sy nanao sonia an'ity tolo-dalàna ity tamin'ny andron'ny tetezamita kanefa tsy tody hatramin'ny farany ny fandaniana an'izany tolo-dalàna izany, vokatry ny tsindry avy amin'ny firenena vahiny. Marihina fa mahatratra 300 pejy ny boky « Madagascar le Changement » ary tsy nisy firehana politika ny fomba nandrafetan'ny manam-pahaizana an'ity rafi-pitondrana vaovao ity, ho fampandrosoana ara-teknika ny toekarena Malagasy amin'ny alalan'ny otrikarena misy eto an-toerana.



*Ny senatera teo aloha, sady Cst teo aloha, Joseph Yoland.*

*Franck Razakambelo*

---

## TONONKALO

## Any ianao Ramalokila

Ianao izay tokony ho lohany amin`ny fanajan-dalàna,
Ve no miova ho raiben`ny kolikoly eto an-tanàna ?
Mbà Razoky menatra olona, apetraho ny fialana,
Fa manjary maty hasina ny tontolom-pitsarana!

Be no efa nahamarika ny nataonao tao ho ao.
Tsy nisy mba nahomby ireny saingy nidedahanao,
Satria ny aretin`ny mpitondra, zary lasa nifamindra
Dia ilay hoe : ny fidedahana, io no lehibe indrindra !

Ianao izay tokony ho lohany amin`ny fanajan-dalàna,
Ve no miaro ny mpibizina tokony ho any am-pigadrana ?
Aza gaga raha izany, mieboebo ny karàna,
Fa voavidiny tanteraka `nareo izay manam-pahefana !

Ka ny teninay dia tsotra, tsisy ampiana na itarina,
Ianao izay tanisaina etoana, mijoroa hanao ny marina.
Fa ny seha-pitsarana, efa mampiteny irery,
F`ao ny manam-bola hatrany no mandresy sy mahery !

*IRINA HO TAFITA (04-02-22)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, sary facebook.

Haiady malalaka ao amin'ny Tek Chuan Do Combat Libre, na TCDCL.









Ny takaitra navelan'ny rivodoza Batsirai teto amintsika.









## NY TENY FIAINANA

*"Tsy misy olona mahay manompo tompo roa; fa ny anankiray ho halany, ary ny anankiray ho tiany; na ny anankiray hombany, ary ny anankiray hohamavoiny. Tsy mahay manompo an'Andriamanitra sy Mamôna hianareo".*
***Matio 6:24***

### JEUX OLYMPIQUES D'HIVER 2022

# Miditra an-tsehatra anio talata ny solontena Malagasy faharoa

Miditra an-tsehatra anio talata ny solontena Malagasy faharoa, mandray anjara eo amin'ny fifaninanana "Jeux Olympiques d'hiver 2022", tanterahina any Chine, nanomboka tamin' ny zoma 04 febroary 2022 lasa teo dia i Mathieu Neumuller. Eo amin'ny taranja Ski Alpin no handraisany anjara. Marihana fa omaly alatsinainy 7 febroary 2022 no niditra an-tsehatra teo amin'ny fifaninana Skin Alpin Slalom géant femmes, tany amin'ny "Centre national de skin alpin de Yanqing –tech" ny solontena Malagasy voalohany mandray anjara amin'ity fifaninanana ity dia i Mialitiana Clerc izany, ka tany amin'ny laharana faha-41 no nisy azy taorian'ny fanatanterahana ny "manche 1" sy "manche 2" tamin'io Slalom géant femmes io. Nahavita fe-potoana manche 1 : 1.08.71, manche 2: 1.07.17 izy tamin'izany. Ilay teratany Suedoise Hector Sara no nivoaka ho mpandresy tamin'ity fifaninanana ity: manche 1 : 57.56, manche 2 : 58.13. Faharoa ilay teratany Italiana Brignome Frederica: manche 1 : 57.98, manche 2 :57.99 ary fahatelo ilay teratany Suisse Gut-Behrami Laro: manche 1 : 59.07, manche 2 : 57.34. Marihana fa ahitana taranja miisa 15 no handraisan'ireo mpifaninanana amin'ity fifananinanana ity : Biathlo, Bobsleigh, Combiné nordique, Curlin, Hocky sur glace, Luge, Patinage artistique, Patinage de vitesse, Patinage de vitesse sur piste courte, Saut à ski, Skeleton, Ski acrobatique, Ski alpin, Ski de font ary ny Snowboard.


*I Mathieu Neumuller.*

**Rainilita**

### Andro faha-7, Orange Pro League 2021/2022

# Nanova ny fandaharan-dalao ny andro ratsy

Noho ny fandalovan'ny andro ratsy Batsirai teto amin'ny Nosy dia niova avokoa ny fandaharan-dalao baolina kitra Orange Pro League 2021/2022 andro faha-7, izay saika notanterahina tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo (sabotsy 5 sy alahady 6 febroary 2022 ka lasa :

Talata 08 febroary 2022
12:00-Ajesaia # Uscafoot (kianja Complexe Sportif Cnaps Vontovorona),
14:30-Jet Kintana # Fosa Juniors Fc (kianja Complexe Sportif Cnaps Vontovorona),
14:30-Cffa # Mama Fca (kianja Elgeco Plus Stadium By-Pass).

Alarobia 09 febroary 2022
14:30-Cosfa # As Fanalamanga (kianja Complexe Sportif Cnaps Vontovorona),
14:30-Elgeco Plus # 3Fb Toliara (kianja Elgeco Plus Stadium By-Pass),
14:30-Zanakala Fc # Disciples Fc (kianja Stade Moderne Ampasambazaha),
15:00- JFC Toliara # A.Dato Fc (Kianja Stade Maître Kira Toliara).

Alakamisy 10 febroary 2022
14:30-Five Fc # Tia Kitra Fc (kianja Elgeco Plus Stadium By-Pass)


*Lalao Orange Pro League 2021/2022.*

**Rainilita**

### Tek Chuan Do Combat Libre (TCDCL)

# Hikarakara fifaninanam-pirenena amin'ny haiady malalaka

Ny Madagasikara Tek Chuan Do Combat Libre, na TCDCL , dia hikarakara tournoi national, fifaninanam-pirenena, amin' ny haiady malalaka. Noho izay antony izay, manasana izy ireo ny mpikatroka haiady malalaka, mba hiaraka hifanohana hoentina hanatsarana ny combat libre na ny MMA . Marihana fa ny Tcdcl dia efa mijoro ara-panjakana eto Madagasikara, manana ny foibe ao amin'ny Dojo Rm1 Analakely . Ny Tcdcl araka ny fangatahan'ny be sy maro ihany koa hoy ny mpitarika dia efa miparitaka manerana ny Nosy, izay mbola hanasany ny malalatanana vonona hifanohana amin' ny Tcdcl any amin'ny faritra. Toy izao ny programan'ny Tcdcl amin'ity taona 2022 ity , hisy ny passage de grade sy competition ho an'ny zaza amam-behivavy ary hisy ihany koa ny Tournoi ho an'ny lehilahy, izay mety hanaovana fitetezam-paritra . Ny Tcdcl dia miompana amin'ny ady sy teknika ary hoentina indrindra hanampiana ny mpiara-belona amin'ny hetraketraky ny mpanao ratsy sy mpanendaka. Ny bases na ny fototra iaingany dia ny MMA, Ny Jeet Kune Do, Combat de rue, Krav Maga , Self Defense. Na izany aza, nampiana teknika de combat amin'ny karate, boxe, jiujutsu, taekwondo, pancrace, judo sy maro hafa,... Ny tcdcl na ny Tek Chuan Do Combat Libre dia ny Grand Maitre Thaina Andrianaivo 7ème dan no namorona azy. 03487 30357 ho an'ireo mila fanampim-panazavana.


*Ny haiady iarahana amin'ny TCDCL.*

**Lita**

## Sakafo Ny Valosoa



Rambonomby sy tsaramaso lena indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao ketsaketsa izany, azo atao ridritra, azo atao rony. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba natoraly fanadiovana tarehy


Fomba natoraly fanadiovana tarehy indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Fanadiovana tarehy ho malefaka sy ho malandilandina ary mety hanala ny mony, panda, tasy, kentrona ary tena ho vetivety koa dia ho lasa fotsy ilay main'ny masoandro sy mety ho simba ny zavatra atao amin'ny tarehy. Ranona vahona sy voasarimakirana ary persil no afangaro, ka hahosotra amin'ny tarehy.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Marotsialeha distrikan'Ambatomainty faritra Melaky

Ny tanànan'i Marotsialeha distrikan'Ambatomainty faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Marotsialeha ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 4 mandrafitra ny distrikan'Ambatomainty. Any amin'ny faritra andrefan'i Madagasikara no misy azy. Vokatra any an-toerana ny vary, ny katsaka ary ny mangahazo. Mpiompy omby ihany koa ny mponina any Marotsialeha.



TAKAITRA NAVELAN'I BATSIRAI

# 20 namoy ny ainy, traboina 55421, nafindra toerana 69102

Namely mafy tany amin'ny faritra nolalovany ny rivodoza Batsirai, nandalo teto amintsika ny faran'ny herinandro teo. Araka ny tarehi-marika farany navoakan'ny BNGRC, na ny Birao Nasionaly mpitantana momba ny loza sy ny tandindon-doza, nahatratra 20 hatreto no namoy ny ainy, vokatr'iny rivodoza iny. Miisa 69102 ireo voatery nafindra toerana, izay tokantrano miisa 15489. Miisa 55421 ireo traboina, izany hoe tokantrano miisa 10515.



*Fahapotehana vokatr'i Batsirai.*

Trano nahitana fahasimbana miisa 301, trano potika 3062, trano difotry ny rano miisa 5702. Faritra maromaro no tena voa mafy noho ity rivodoza Batsirai ity dia ny faritra Atsinanana toa an'i Mahanoro, ny faritra Vatovavy toa an'i Nosy-Varika sy Mananjary, ny faritra Fitovinany toa an'i Vohipeno sy Manakara ary Ikongo. Ny faritra Atsimo Atsinanana toa an'i Farafangana, Vangaindrano, Midongy Atsimo. Ny faritra Amoron'i Mania toa an'Ambositra. Ny faritra Matsiatra Ambony toa an'i Fianarantsoa, Ambalavao, Isandra, Ikalamavony. Ny faritr'Ihorombe toa an'Ihosy sy Ivohibe. Namely ny tany amin'ny faritra Menabe sy Atsimo Andrefana koa ity rivodoza ity.

**Aly**

Tsy fandriampahalemana

# Karana voatifitra, lasa ny vola 150 tapitrisa Ar

Miseho lany ny tsy fandriampahalemana any amin'iny distrikan'i Belo Tsiribihina, faritra Menabe iny. Karana iray no voatafitry ny jiolahy, lasa tamin'izany ny vola mitentina 150 tapitrisa Ar. Ny alarobia maraina teo, tokony tamin'ny 11 ora dia mpandraharaha iray avy ao Belo sur Tsiribihina, handeha hanao versement aty Morondava, no notafihan'ny jiolahy tao amin'ny lalam-pirenena faha-8a, mampitohy an'i Belo sur Tsiribihina sy Morondava. Tao Asakaly, no nisy nanakana ny fiara 4x4 iray, voatifitra avy hatrany ilay karana nitondra ny fiara, izay mpampanofa fiara, avy hatrany dia nandroba ireo tao



*Ilay 4x4 nisy nanafika.*

anatin'ny fiara ireo jiolahy, ka lasan'ireo olon-dratsy izay miisa 5 ny vola 750.000.000 fmg, saika hatao versement aty Morondava, niaraka tamin'ny finday sy ny firavak'ireo tao anaty fiara araky ny fitantaran'ilay mpandraharaha.
Noho ny faharatsian'ny lalana dia tsy afaka nitondra ny fiarany ity mpandraharaha ity, ka voatery nanafatra ity karana ity. Manomboka mahazo vahana amin'iny lalana mampitohy an'i Belo sur Tsiribihina sy Morondava iny ny fanakanan-dalana tato ho ato, ka manao antso avo ireo mpandraharaha sy ny mpiasam-panjakana ao Belo sur Tsiribihina, ny mba hanasiavana Banky ao Belo sur Tsiribihina, satria mihàtra aman'aina ny fitondrana vola amin' iny lalana iny, izay ratsy tanteraka indrindra amin' izao fotoanan'ny fahavaratra izao. Ireo mpiasam-panjakana dia tsy maintsy manapaka asa 4 andro rehefa tonga ny fotoanan'ny fandraisam-bola. Efa eo ampelatanan'ny mpitandro filaminana ny raharaha amin'izao fotoana.

**Rajepa**

Raim-pianakaviana nalofan'angatra isak'alina

# Tratry ny manaramody ka nitondra faisana

Injeniera mpanao làlana ranamana ary manambady aman-janaka aty Antananarivo. Tany Maevatanana izy no niasa ary tsy tafody raha tsy isambolana ihany. Tonga indraindray monja ny vadiny. Rehefa ela ny ela dia nahazo sipakely ranamana ary niaraka mihitsy. Nilamina aloha tao anatin'ny telo volana, fa vao nikasa hody ity injeniera ity dia marary ary tsaboina sy miditra hôpitaly mihitsy aza. Vao mba sitrana kely anefa dia miverina indray dia toy izany hatrany. Vao hoe hiverina hiasa anefa dia sitrana. Gaga ihany ny fianakaviany nefa fivelomana io ka tsy maintsy mandeha.



### Tratry ny manaramody ilay rangahy

Nanatona mpitsabo ny fianakavian'ity rangahy ity, satria tamin'ny fandaharana televiziona sy gazety an-tsoratra, no nahitan'izy ireo fa misy mpitsabo mahay sy manana « pouvoir » manokana afaka mikarakara olona mitovitovy olana amin'ity rangahy ity, ka niantso an'i Mr Aina eny Itaosy tamin'ny 0382902668 sy ny 03391 78091. Nambaran'ity mpitsabo ity, fa tratry ny manaramody ny lehilahy, satria tsy zakan'io sipakely io ny hiverenany amin'ny vady aman-janany, ka naleony namosaviana , amin'izay mantsy dia sady tsy azy, no tsy an'olona ihany koa. Indraindray aza dia mivadika biby toy ny tarondro mihitsy ny filahian'io lehilahy io ary tsy mahavita firaisana amin'ny vadiny intsony. Salama sy tomady izao fa tsy mahavita na inona na inona mihitsy. Tsy vitan'izany , fa sady manonofy ratsy foana isak'alina ary tsy mahita tory, fa mivadibadika fotsiny izao. Misy mampatahotra sy lolo ratsy izany manatona azy ary mikiakiaka tsy mahita tory ranamana. Efa nanatona mômpera aza, fa vao mainka misy mandrahona ho faty mihitsy hoe izay mômpera indray ve no hanaisotra anay eo sa ny ainao mihitsy no alanay aminao, sns… kivy tanteraka ity lehilahy ity, ka tapa-kevitra fa tsy maintsy manatona mpitsabo mahay.

### Ny hery tsy mahaleo ny fanahy

Vao naboraka tamin'ity mpitsabo ity ireo zavatra miseho ireo dia izao no nambarany : manaramody no mahazo anao hoy izy ary miafara amin'ny ainao io raha tsy voakarakara haingana . « Sorabe » miampy fanefitra manokana no nikarakarana sy nampitondrainy azy mivady. Vao tonga tany an-trano, ka nanaraka ny toromarika tamin'ity mpitsabo ity dia niova tanteraka ny rasa satria foana ny nofy ratsy, nanjary maivana izany ranamana ary toa hadinony vetivety teo ilay sipakely namosavy azy. Tafaverina soa amantsara any amin'ny vadiny izy ary salama tsara ankehitriny. Olonkafa sisa no nasainy nandimby ny asany, satria mbola natahotra valifaty ity rangahy ity. Ilay sipakely kosa dia menatra sy tsy nahajery olona, satria fantatry ny mpiara-miasa, fa izy no namosavy ilay injeniera tany am-piasany. Milamina tsara izy mianakavy ankehitriny ary tsy misy atahorana intsony ny fahasalamany, vao nahazo fitsaboana teny amin'i Mr Aina eny Itaosy.

**Namana**

Pr Andrianasolo Rivoarison

# Vonona hanatsara sy hanarina ny Oniversiten'Antananarivo

Kandida amin'ny fifidianana ho filohan'ny Oniversiten'Antananarivo, izay hotanterahina amin'ny 9 martsa 2022 ho avy izao, ny Profesora Andrianasolo Rivoarison ary nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy tetsy Antanimora ny talata teo izany fanapahan-kevitra izany. Nanazava ity kandida ity, fa ny fampandrosoana sy ny fanarenana indray ny Oniversiten'Antananarivo no antony nanosika ny Profesora Andrianasolo Rivoarison, hirotsaka ho filohan'ny Oniversite ary tokony handray anjara amin'ny fampandrosoana ny firenena eo amin'ny lafiny fampianarana sy fikarohana ny Oniversite hoy izy. Nanamafy izy fa efa niomana tamin'ny fananana traik'efa hitantanana ny Oniversiten' Antananarivo ity farany ary handray andraikitra amin'ny fampandrosoana ny Anjerimanontolo, ao anatin'izany ny fampandrosoana ara toe-karena sy ny sosialin 'ny firenena. Manana mari-pahaizana « Doctorat » amin'ny taranja Simia ny Profesora Andrianasolo Rivoarison ary efa nandranto fianarana tany ivelan' i Madagasikara. Efa mpitantana orinasa ity kandida ity ary efa betsaka ireo andraikitra izay efa nosahaniny teo amin'ny sehatra tsy miankina. Betsaka ireo toerana izay efa nosahanin'ny Profesora Andrianasolo Rivoarison, satria efa filohan'ny « Conseil de faculté » ao amin'ny « Faculté des Sciences » ity farany ary efa nitana ny andraikitra Sekretera jeneraly nasionaly teo anivon'ny Seces.



*Ny Pr Andrianasolo Rivoarison.*

**Franck Razakambelo**

Groupe 3 Mi

# Mitory an-kira sy dihy

18 taona katroka lasa izay no nananganan-dRakotoarison Njaka ny Groupe 3 Mi. Ny isa « 3 » manamarika ireo telo mpikambana voalohany ary ny Mi, midika ho : « Mihira », « Midera » ary « Mivavaka ».
Nomarihan'i Njaka mpitarika ny groupe 3 Mi, fa ny hitarika hatrany ireo mpankafy ny sanganasan'izy ireo hiantoraka mandrakariva amin'ilay Ray tsitoha ary hanankina hatrany ny fiainana amin'Andriamanitra, no antom-pisian'ny tarika, izay ahitana mpikambana, manodidina ny 10. Tsy voafetra amin-gadona tokam-bolo ny lokomozika lalaovinay, hoy hatrany i Njaka fa mivelatra tanteraka amin'izay bankira misy eto ambany masoandro, mba hahafahana mitaona ireo sokajin-taona rehetra hody am-balan'ny finoana an'Andriamanitra.
Nomarihany ihany anefa fa mirona kokoa amin'ny fivoizana mozika milamina « Slow » ny sanganasan'izy ireo. Ny soratra masina notsoahana avy ao anatin'ny baiboly miampy ireo trangam-piaraha-monina tetsy sy teroa no akora fototra entin'i Njaka manajary sy manefy ireo tononkira mitaiza fanahy atobany ho an'ireo mpankafy. Ireo mpiantsoroka ny dihy ihany no mamolavola ny soradihy handravahana ireo hira.
Ampahany amin'ireo vazo efa tsy afaka am-bavan'ny maro ny « Antso » kaloin'ny « Groupe 3 Mi ». Ity farany izay nandrombaka ny laharana voalohany tamin'ny fifaninanan-kira « Tafolanitra » teo anivon'ny Televiziona nasionaly malagasy. Efa manangasanga any ihany koa ny famoahana ilay hira « Ny lanitra no seza fiandrianako » izay noforonin'i Ndriana Ramamonjy. Vinanasa amin'ity taona ity ny famokarana ny kapila mangirana laharana voalohany ho an'ny « Groupe 3 Mi » ho fanabeazam-boho hatrany ny asa fitoriana ny filazantsara.

**Lalasoa R.**



*Ny Groupe 3 Mi, miaina ny finoana an'Andriamanitra.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 05/02/2022 hatramin'ny 12/02/2022**

- **ANALAKELY** (En face Tahala Rarihasina) 020 22 236 81/ 034 48 788 96
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/ 034 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52
- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1259-02-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FIFAMOIVOIZANA

# Maro ireo lalana tapaka sy simba noho ny rivodoza Batsirai

Maro ireo lalana tapaka sy simba noho ny rivodoza Batsirai, nandalo teto amintsika ny faran'ny herinandro teo, efa am-panarenana an'izany ny tompon'andraikitra amin' izao fotoana. Ireto avy ireo lalana nahitana fahasimbana sy fahatapahana ireo:

RN 7 : Ambalavao – Ihosy, PK 471+050 Kaominina Iarintsena ; nohon'ny fiakaran'ny rano dia tototra ny arabe, ka tsy afaka andalovana raha tsy mihena izany.

RN7 : PK331+200, eo anelanelan'i Vohiposa sy Ambohimahasoa ; fihotsahan'ny tany ao ambanin'ny arabe, ka tsy afaka manohy ny diany ireo fiara vaventy hialana amin' ny fahatapahana tanteraka.

Eo ihany koa ireo fihotsahan'ny tany sy filatsahan'ireo hazo amin'ireo PK maromaro izay nitarika fahatapahan-dalana tamin'ny RN7.

RNS 13: Taolagnaro – Amboasary, PK 441+600 ; misy fiatoana ny fifamoivoizana nohon'ny fiakaran'ny rano eo amin'ny radier an'i Bevilany. Rehefa midina ny rano vao afaka mandeha ny mpifamoivoy.

RN 2 : Moramanga – Brickaville, PK 184+300, izay nisy ny hazo nianjera ary efa nesorin'ireo fokonolona teo amin'ny manodidina.

RNS 12: Manakara – Farafangana, PK 71 sy PK 98 ary ny PK 204+200, fanaisorana ny hazo kininina nianjera izay nibahana ny arabe.

RN 42: PK 14+ 500 Fianarantsoa - Isorana ; fihotsahan'ny arabe alohan'ny idirana eo amin'ny tetezana.



*Ny fanamboarana ny lalana tapaka sy simba, tao aorian'ny fandalovan'i Batsirai.*

RN 34: PK 5+000 ; nisy ny hazo nianjera izay nanelingelina ny fifamoivoizana izay efa voaala.

RNS 25 Fianarantsoa - Mananjary, PK 22 et 25 : tapaka ny lalana nohon'ny fiakaran'ny rano sy fahasimban'ny arabe.

RN7 Ambalavao - Ihosy (Iarintsena) PK 471+050 : vaky ny arabe nohon'ny fandalovan'ny rano.

RN7 Ambohimasoa - Vohiposa PK 331+200 : misy asa fanamboarana atao hahafahan'ireo fiara vaventy mandeha.

RN12 Manakara - Farafangana, PK 275+200

RNT18 Vangaindrano - Midongy Atsimo, PK 2+000.

RNT 8 Faritra Menabe PK 80+000.

Ho famerenana amin'ny laoniny ny fifamoivoizana dia misy ny fiaraha-miasan'ny Ministeran'ny Asa Vaventy sy ireo tompon' andraiki-panjakana isantsokajiny any amin'ny Faritra, ireo ben'ny tanàna ary ny eo anivon'ny mpitandro filaminana.

Napetraka hoy izy ireo izao paik'ady izao, mba hamerenana faran'izay haingana ny fifamoivoizana.

***Aly***

Kaominina Alasora

# Nanadio ny lakandrano Ankadindratombo-Ambohimanandraisoa

Mba hialana amin'ny mety ho fiakaran'ny rano, indrindra tamin'ny fandalovan'ny rivodoza farany teo, nanadio sy nandalina ny lakandrano Ankadindratombo- Ambohimanandraisoa ny kaominina Alasora ao amin'ny distrikan'Antananarivo Avaradrano. Nampiasa fitaovana lehibe fanadiovana sy fandalinana lakandrano ny fiadidiana ny tanàna notarihan'ny ben'ny tanàna Jimmy Randriantsoa nandritra izany ny faran'ny herinandro teo. Noho izay antony izay, naneho fialan-tsiny ny mety ho fitohanana, noho ny asa fandalinana ny tatatra eo Ambohimanandraisoa hatrany Ankadindratombo, ny kaominina tamin'izany. Natao izao fanadiovana sy fandalinana izao, mba hikoriana tsara ny rano, fa tsy hivoaka amin'ny lalana tokony halehany raha tonga ny orambe, ka hahatondraka ny manodidina, hoy ny ben'ny tanàna Jimmy Randriantsoa.

***Stefa***





*Ny fanadiovana sy fandalinana lakandrano, nataon'ny kaominina Alasora.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 383**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0382)


***Mitsivalana***

- Varatra
- Anatra
- Vy – Avia
- Entana
- Noana
- TM – Fitia (miv)
- Finday

***Mitsangana***

- Vaventy
- Monina (miv)
- (V)at(a) – Anay
- Tranain(y)
- Rova – TD
- Aia†?
- Manify

### TENY MIFANAPAKA N° 383




**Mitsivalana**

**1.** Fikarohana **2.** Tsofoka fanitarana – Jamoka **3.** Mandehana – Matanjaka **4.** Manetroka 5. Tsy mazava (miv) **6.** Fisotro – Nitango vokatra (miv) **7.** Saka bory loha – Ajanony **8.** Tampisaka – Faran-teny – Naoty (miv) **9.** Mpanondro – Hitanao **10.** Alaina

**Mitsangana**

**A.** Misy mpitsara sy mpisolo vava **B.** Ranomasimbe – Fototenin'ny mandroaka (miv) **D.** Fitaovana fakanao rano **E.** Tantara fohy – Solfa **F.** Manambatra – Piso (miv) **G.** Sangisangy **H.** Ao amin'ny Baiboly – Mpanondro toerana (miv) – Hita ao amin'ny rano **I.** Tovona (miv) – Hita ao amin'ny vatana **J.** Oroka – Misintaka **K.** Vorona – Kianteny – Ao amin'ny mofo

### Valiny Teny mifanaraka 0382

**Mitsivalana**

**1**.Manga - Otra **2.** In - Tao (miv) - Nay (miv) **3.** Bara - Ana **4.** Savorovoro **5.** Sira - (V)ady **6.** Eh†! - Nenina **7.** Sakana - Ady **8.** Iny - Paraky (miv) **9.** Kavina - E.M **10.** Arina (miv) - Voay

**Mitsangana**

**A** Mibosesika **B.** Nanahirana (miv) **D.** Ror(a) - Kivy **E.** Goavana - (H)ir(a) **F.** AA - Enina **G.** Taranaka **H.** Nody **I.** Tiavinareo **J.** R‡ - Adama **K.** Antsy - (P)ip(a)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fanadiovana sy fandalinana lakandrano tao amin'ny kaominina Alasora Avaradrano.







